Fanambaran'Andriamatoa Filoha Marc RAVALOMANANA
13 Novembra 2010

Miarahaba ny Vahaoka Malagasy tsy vaky volo aho, ary manao antso avo amintsika Malagasy rehetra tia Tanindrazana hiray hina, ka hijoro hatraminôny farany aminôny fitakiana ny famerenanana ny Fanjakana tan-dalàna aminôny fomba demokratika sy ny fanajana ny zonôolombelona.

Iaraha-mahita ny zavamisy sy ny fahasahiranana manjo ny Vahaoka Malagasy tao aorinanôny fanonganam-panjakana sy ny fakana an-keriny ny fahefana taminôny volana Martsa 2009. Mbola mitohy mandrakôankehitriny ny fampitahorana, ny fisamborana, ary ny fanagadrana tsy aminôny antony.

Taminôny Alakamisy lasa teo dia nosamborina Ingahy Fetison Rakoto Andrianirina, Chef de délégation, izay voatendry co-président taminôny herintaona katroka, i Zafilahy, Président de groupe parlementaire, Pasteur Edouard, ary olona 16 hafa. Tsy fisamborana na fanagadrana no vahaolana aminôizao krizy izao. Manameloka tanteraka ny fisamborana sy ny fanagadrana azy ireo isika, ary mitaky ny famoahana azy rehetra tsy misy hatakôandro, ary tsy misy fepetra.

Manao antso avo aminareo Foloalindahy aho, izay tandroka aronôny vozona, ary kitro ifaharanôny Firenena. Sahia mijoro ianareo, hiaro ny Vahaoka tsy mandady arona, izay ianjadianôny fahasahiranana goavana ankehitriny nohonôny fanonganam-panjakana tsy voahevitra, ka nampidi-kizo tanteraka ny Firenena Malagasy. Tsy mbola nisy fahantrana sy fijaliana toy izao teto aminôny tany sy ny Fanjakana.

Manainga anareo aho hanarina ny tany tan-dalàna sy manaja ny zo fototra maha olona, mba hiverenanôny fahatokisanôny vahaoka anareo indray, hamerina aminôny laoniny ny endriky ny mpitandro filaminana, ho mpiaro ny olona sy ny fananany, ary ny fiariany ianareo.

Aminôizany, dia aoka ianareo hitandro lalandava ny firaisankina, ka hanaja ny soatoavina ara miaramila, ary ny sata repoblikana.

Manao antso avo aminareo Benôny tanana aho. Ianareo no olomboafidy akaiky indrindra ny Vahaoka. Mahalala sy mahita ny manjo azy ireo ianareo. Koa raiso ny andraikitra. Ampahalalao ny zavamisy marina ny Vahaoka, mba tsy ho tompo trano mihono.

Miray feo aminôny Fianakaviambe iraisam-pirenena isika, toy ny Firenena Mikambana, ny Vondrona Afrikana, ny Vondrona Eropeana, ny SADC, ny OIF, ary ny Amerikana, izay nanao fanambarana mazava teto Antananarivo fa tsy mankasitraka velively izao fitondrana tsy ara-dalàna izao. Miray feo aminôizy ireo isika, tsy manaiky ny fomba namoronana sy fomba fiasanôireo andrimpanjakana misy ankehitriny.

Miantso ny Vahaoka Malagasy aminôizao vanimpotaona sarotra eo aminôny tantaranôny Firenentsika izao aho, ka hiray hina sy hijoro aminôny fitakiana ny famerenana ny tany tan-dalàna sy ny fitantanana demokratika, araky ny Lalampanorenana Malagasy.

Miantso ny rehetra aho hiray feo aminôny Fianakaviambe Iraisam-pirenena, hanohatra ny fitsapa-kevibahaoka, na ny referendum, sy ny fifidianana Benôny tanana, izay fanapaha-kevitry ny HAT samy irery, na ñdecision unilatéraleò, ka tere-komasaka sy anaovana amboletra fotsiny izao, nefa tsy vonona akory na ny lisi-pifidianana na ny kara-pifidianana, ankoatranôireo olana maro tsy ho ary voatanisako eto.

Miantso ny Benô ny tanana ary aho, hiray feo, ka hihevitra toy ny tsy misy ny référendum sy ny fifidianana izay Benôny tanana kasainôireo mpitondra tsy ara-dalàna atao.

Ianareo Chefs Fokontany, izay miaina miaraka aminôny Vahaoka, ary mahalala ny mangirifiry sy ny manjo azy ireo. Henoy ny feonôny fieritreretanareo. Aza manaiky hiray tsikombakomba aminôizay teti-dratsy tsy hahasoa ny Vahaoka sy ny Firenena Malagasy ianareo. Mijoro aminôny hevitrareo. Vonjeo ny Vahaoka Malagasy.

Miantso anareo Mpitondra fivavahana, ny VahaokanôAndriamanitra rehetra, ny Ray amandreny, ny tanora, ary ny olon-tsotra tsy an-kanavaka aho. Masina ny Tanindrazana, koa toroy sy lazao ny zava-marina sy ny zava-misy ny Vahaoka. Averiko eto indray, mbola tsy nisy fahantrana sy fijaliana toy izao teto aminôny tany sy ny Fanjakana Malagasy.

Aoka ho samy tomponôandraikitra isika rehetra, ka tsy ho voafitaka fanindroany indray aminôireo lainga be afafy sy ny volabe aparitaka etsy sy eroa.

Tsy hisy mpanara-maso iraisam-pirenena ho tonga akory eo. Hevero toy ny tsy misy izany referendum izany. Mijoro hatrany aminôny fitakiana ny famerenana ny tany tan-dalàna sy ny fitondrana ara-dalàna, ara demokratika, ary ny fanajana ny maha olona ny olona.

Homba antsika anie Andriamanitra!

Marc RAVALOMANANA